# Lesona 6: Mitoky Amin'i Kristy Irery Ihany

### Tonon-kira: Mifalia mandrakariva – 1 Tesaloniana 5:16-18, Filipiana 4:6

## A. Tandremo ny amboa

1. Inona no tsapanao rehefa mamaky ny Filipiana 3:1 ianao?
2. Filipiana 3:2 Iza ireo amboa izay tokony hotandreman'ny Kristiana Filipiana?
3. Antoko samy hafa ve ny amboa sy ny mpanao ratsy ary ny manapka amin'ny nofo sa famaritana telo samy hafa ho an'ny antoko iray ihany?
4. Inona no ampianarin'ireo fahavalon'ny filazantsara ireo?
5. Moa ve ireo fahavalon'ny filazantsara ireo ihany no miasa ankehitriny?
6. Filipiana 3:3 Nahoana ny fiankohofana amin'Andriamanitra, ny firavoravoana amin'i Jesosy Kristy ary ny tsy fitokiana amin'ny nofo no fiarovana tsara indrindra amin'ny fahavalon'ny filazantsara?

## B. Matoky tanteraka an'i Kristy fa tsy ny zava-bitantsika

1. Filipiana 3:4-6 Inona ireo antony nahatonga an'i Saoly (nantsoina hoe Paoly tatỳ aoriana) hirehareha raha arak any fomba fijerin'olombelona? (jereo koa Asa 22:3, 26:4-5).
2. Inona no hevitrao momba ny filazan'i Paoly fa talohan'ny nihaonany tamin'i Kristy dia tsy nanantsiny momba ny fahamarinana ao amin'ny lalàna izy?
3. Nanambara koa i Paoly fa nazoto nanenjika ny Kristiana izy, talohan'ny nanarahany an'i Jesosy. Inona no ohatra hitantsika ao amin'ny bokin'ny Asan'ny apostoly momba an'i Saoly nanenjika ny fiangonana? Asa 7:57–8:3, 9:1-2
4. Inona no fijoroana vavolombelona nataon'i Paoly momba ny fanenjehana ny Kristiana talohan'ny nahatongavany ho mpanara-dia an'i Jesosy? Asa 26:9-11
5. Nahoana i Saoly no nihevitra fa nanao ny sitrapon'Andriamanitra izy raha nanenjika ireo mpanara-dia an'i Jesosy? Mariho ny faminaniana nataon'i Jesosy ao amin'ny Jaona 16:1-2
6. Ahoana no nampiova ny fitondran-tenan'i Paoly momba ireo zava-bitany ara-pivavahana taloha, rehefa lasa mpanara-dia an'i Jesosy izy? Filipiana 3:7-11; 1 Timoty 1:15
7. Inona no hevitry ny hoe hita "ao amin'i Kristy"? 1 Korintiana 1:26-31; Efesiana 1:7-14
8. Oviana no naha tonga saina anao fa ny hany fanantenanao momba ny famonjena dia hita ao amin'ny finoana an'i Jesosy Kristy?

## D. Mandoso ho amin'ny tanjona

E. Filipiana 3:12-14 Inona (na Iza) no tanjona noezahan'ny Apostoly Paoly hotratrarina? (Jereo koa ny Filipiana 3:10-11).
F. Inona no faharesen-dahatra nambaran'i Paoly teo amin'ny fiafaran'ny fiainany teto an-tany? 2 Timoty 4:7-8
G. Ahoana no ahafahantsika mampifantoka ny saintsika amin'i Jesosy? Hebreo 12:1-2
H. Iza no nanampy anao hibanjina an'i Jesosy? (ny Fanahy Masina, namana ara-panahy, sns)